ALAHADY PAKA III - TAONA D2022

« Dia nanatona i Jesoa, nandray ny mofo, sy nanome azy ireo » (Jo. 21 : 13)»

Ry Kristianina havana, mbola ao anatin'ny Alahady fankalazana ny Paka isika. Isaky ny Alahady dia omen'ny Eglizy lohahevitra iray isika hibanjinantsika ny toetran'i Kristy mba hianarantsika hiaina ny toetrany ka hahatonga antsika ho Kristianina, Kristy mpiara-belona amin'olona, HO OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA miatrika ny zava-misy fa indrindra izao sinaody. Raha OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA ISIKA dia irahina hanova ny rafi-pahotana mangeja antsika, hanova azy ho rafi-pivelomana mitondra antsika hanana fivelarana, fivelaran'ny zanak'Andriamanitra araka ny naharian'Andriamanitra antsika hatramin'ny voalohany. Izany no mahatonga antsika manambara fa ny Paka mira FAHARIANA VAOVAO. Vokatr'io fahariana vaovao io no mahatonga antsika ho "GENERATION MPANORINA". Izany no antenaintsika amin'izao Sinaody izao araka ny teny faneva : EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA. Manahaka an'I Kristy isika amin'izany ka izay no mahatonga ny Eglizy amin'ny alalan'ny vakiteny mampisongadina toe-panahy anankiray isaky ny

Vakiteny I : Asa 5, 27b-32. 40b-41
Tononkira : Salamo 29
Vakiteny II : Apôk. 5, 11-14
Evanjely : Jo. 21, 1-19

Alahady. Tamin'ny Alahady lasa teo dia KRISTY MPAMINDRA FO no natolotry ny Eglizy hivelomantsika fa indrindra raha mijery ny zava-misy isika dia tena ilaina ny fibanjinana ny famindram-po ary indrindra ny fivelomanana azy. Tamin'ny Alahady lasa tokoa dia nasaina nibanjina an'i Kristy mpamindra fo isika mba hahatonga antsika koa ho mpamindra fo. Nampianatra antsika i Md Thomas raha nanao ny fiekem-pinoana "Tompoko sy Andriamanitro" na dia eo aza ny fisalasalana dia fantaro fa i Jesoa nilaza hoe "Sambatra izay mino nefa tsy nahita". Izany hasambarana izany no entintsika mamafy ny fanantenana sy ny fiadanana eo anivontsika.

Io famindram-po io tokoa no lalana mitondra amin'ny fandriam-pahalemana sy fiadanana. Isika izao tokoa no mpamafy ny fiadanana sy fanantenana araka ny hafatr'i Papa Fransoa tamin'izy nandalo teto amintsika. Ka ny fomba ho entintsika hiaina an'izany dia ny fampiasantsika ny "chapelle portable" izany hoe tsy mijanona ao amin'ny sapelin'ny famindram-po I Jesoa Famindram-po fa isika vita batemy, Olon-dehiben'ny Finoana no TABERNAKLA VELONA ka entintsika amin'ny toerana rehetra misy antsika na amin'ny fianakaviana Eglizy kely, na amin'ny Eglizy fiombonana, na amin'ny Eglizy fototra, na amin'ny Eglizy iraka na eny amin'ny toeram-piasana na an-tsekoly na amin'ny toerana maro samihafa hamafazantsika ny fiadanana sy ny fanantenana. Hafaliana no hanenika ny fiainantsika raha mamafy ny fiadanana isika.

Amin'izao Alahady fahatelo izao dia miverina amin'ny asan'izy ireo andavanandro ireo mpianatra, izany hoe niverina amin'ny maha-mpanarato azy ireo nefa tsy nahazo na inona na inona no hitantsika. Tsy namokatra izy. Azo lazaina fa kivy izy ireo. Isika koa miatrika ny fiainana dia kivy. Misy ihany koa miatrika izao sinaody izao dia mahatsiaro tena ho kivy. Fampianarana ho antsika tokoa ny zava-niseho tamin'ireo mpianatra.

Niova ny zava-misy rehefa tonga teo amin'izy ireo I Jesoa nankahery sy naniraka azy ireo hoe *"Alatsaho ao ankavanan'ny sambo kely àry ny haratonareo, fa hahazo ianareo"*, I Jesoa velona tokoa eo anivontsika no banjinintsika androany. Koa amin'ny asa rehetra sahanintsika sy iandraiketantsika, miaraha amin'I Jesoa fa velona izy ary manampy antsika hamokatra. Jesoa miara-dàlana amintsika, mihaino antsika sy mampianatra antsika satria velona izy ary mizara ny ainy ho antsika.

Inona moa ny dikan'izany? Raha tsy manao ny asan'Andriamanitra dia tsy mamokatra. Izany TOE-PANAHY FOTOTRA AMIN'IZAO ALAHADY FAHATELO IZAO : MANATANTERAKA NY SITRAPON'ANDRIAMANITRA TAHAKA AN'I JESEOA. Izany hoe manao ny ASAN'ANDRIAMANITRA DIA ANDRIAMANITRA HANAO NY ASANTSIKA KA HAMOKATRA isika. Matoa tsy mamokatra isika dia manao ny saim-pantatsika. Manaraka ny lojikan'izao tontolo izao fa tsy ny lojikan'Andriamanitra.

Fantantsika ny tantaran'ny mpianatra Emaosy, izy ireo koa feno fisalasalana teny an-dàlana ary tena kivy fa rehefa nampianarin'i Jesoa tamin'ny alalan'ny Soratra Masina ka nandalina ny finoana dia nosokafan'i Jesoa ny fo amam-panahin'izy ireo fa indrindra rehefa nankalaza ny Eokaristia izy ireo. Tsy hitany intsony anefa I Jesoa fa ny fon'izy ireo kosa dia nirehidrehitra sy nahafantatra fa velona I Kristy noho ny herin'ny Fanahy masina. Ka ny evanjely androany manambara koa fa noho ny herin'ny Fanahy masina dia nahafantantra an'I Kristy izy ireo ka mirehidrehitra ny fony. Tsy firehan-kevitra i Jesoa fa olona velona eo anivontsika izy, olona izay miara-dàlana amintsika isanandro isanandro. Izany ny finoantsika. Tsy Andriamanitra lavitra ny Andriamanitsika fa eo anivontsika.

Jesoa nanaiky ho faty na dia tsy nanota aza sy nandresy ny fahafatesana ka velona izy eo anivontsika ary mizara amintsika izany fahasoavana izany satria velona ao amintsika izy. Tsy matoatoa izy na lolo fa olona velona eo anivontsika. Na dia izany aza dia efa voalazany fa tsy maintsy nijaly izy ary maty nefa nitsangan-ko velona. Izany no làlam-piainantsika raha miombona Aminy isika, tsy maintsy miatrika sedra, mijaly nefa mandresy miaraka Aminy. ADY sady DIA hoy isika ny fiainana ADY amin'ny ratsy ary DIA mizotra amin'ny fiainana. Izany no Paka, hoy isika. Izany koa no dikan'ny sinaody ataontsika izao. Aza manantena àry isika fa handresy sy hamokatra raha tsy miaraka amintsika I Kristy. Tsy maintsy eo anivon'ny fiainantsika ary ivon'ny fiainantsika I Kristy. Vokatr'izany dia isika izao no Kristy mpiara-belona ka vavolombelon'izany fahasoavan'I Kristy velona izany. Aoka isika ho mpizara ny vaovao mahafaly sy hiaina ny hafaliana miaraka amin'ireo manodidina antsika.

NY TOE-PANAHY FOTOTRA HO ANTSIKA DIA ITY : ISIKA NO KRISTY MPIARA-BELONA AMIN'NY OLONA MITONDRA FANANTENANA SY FAMONJENA

Ny vakiteny voalohany manambara fa I Piera nisolo vava ireo mpianatra ka nilaza am-pahibemaso ny fototry ny finoana "kérygme" izany hoe ny fizarana ny Vaovao mahafaly "*I Jesoa zanak'Andriamanitra dia nofantsihana tamin'ny hazo fijaliana tamin'ny andron'I Pilaty, novonoina izy, nijanona tao am-pasana fa nitsangan-ko velona ary izahay ireto no vavolombelon'izany*".

Isika koa no vavolombelona amin'izao androntsika izao ka mpamafy ny fanantenana amin'ireo kivy sy ireo feno tebiteby satria entanin'~~i~~ ny Paka izay finoantsika isika. Tsy hoe firehan-kevitra no zaraintsika fa i Kristy velona no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Ny làlana sy ny foto-pampianarana androany dia ny fibebahana, hain'Andriamanitra ny manavao ny fiainantsika, hain'Andriamanitra ny manova ny fiainantsika ho fiainana lavorary koa mivaloza, mibebaha mba hiala amin'ny fahotana isika. Izany no nambaran'i Piera tamin'ireo nihaino azy, izany koa no ambara amintsika mianakavy amin'izao Alahady fahatelo amin'ny Paka izao.

Miroso tokoa ny fiainantsika ka mikendry fiainana tsaratsara kokoa isika araky ny voalaza amin'ny vakiteny faharoa androany, "*izy no nandray ny helokantsika rehetra, izy no sorona ho antsika, izy izay tsy nanota nanaiky ho fahotana mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, izy no mpisolovava antsika amin'ny Ray, izy no mpanelanelana antsika*," izany fanelanelanana izany dia vokatry ny fanoloran-tenany. Isika izao no Kristy mpiara-belona amin'olona ka aoka isika mba handray izany hafatr'Andriamanitra izany hahatonga antsika ho mpiara-belona amin'olona tokoa amin'ny ataontsika rehetra ka hahatonga antsika ho olom-baovao ao amin'Andriamanitra, ho mpiara-miasa amin'Andriamanitra tokoa isika. Aoka isika mba ho mpamafy fanantenana, ho mpamafy fiadanana tokoa eo amin'ny mpiara-belona amintsika.

Raha fintinina izany rehetra izany dia eo anivontsika, miara-dalana amintsika I Jesoa nandresy nitsangan-ko velona. Matoky isika fa hamokatra ny fiainantsika tahaka ireo mpianatra, izany hoe tsy rafi-pahotana mangeja ny fiainantsika no misy manomboka eto fa noho ny Fahasoavan'ny Paka manentana antsika dia manorina rafitra manampy antsika hivelatra, tsy inona fa ny EGLIZY FIANAKAVIAMBEN-JANAHARY, EGLIZY FIANAKAVIAN'ANDRIAMANITRA, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY ISIKA JIABY, MPIRAY TAMPO ISIKA…Io fanorenana ny Fianakaviamben'Andriamanitra io no mitondra amin'ny rafi-pivelomana voalazantsika. Izany no mahatonga antsika "génération mpanorina" satria noho ny Fahasoavan'ny Batemy dia manorina fifandraisana vaovao isika : fifandraisana vaovao

amin’ny zava-boary, fifandraisana vaovao amintsika samy isika eo anivon’ny fiaraha-monina ary fifandraisana vaovao amin’Andriamanitra.

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, nampianarinao anay androany fa eo anivonay tokoa ianao, velona ianao ary mamelona anay ka enga anay izahay hahay hamafy izany Vaovao mahafaly izany tahaka ireo apôstôly. Ampio izahay ho tena vavolombelonao tokoa, ny Fanahinao masina anie hahatonga anay ho Kristy mpiara-belona amin’ireo manodidina anay. Ampianaro izahay hahay hitarika ny olombelona eo amin’ny fahasoavanao mba ho oloaraiky Aminao anie izahay, ampio izahay mba hiroso lalindalina amin’ny fandalinana ny finoana ka ho vonona hamafy fanantenana sy fiadanana tokoa anie izahay rehetra fa indrindra ho tonga EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Matoky ny vavakao izahay Masina Maria amin’izao Sinaody iarahanay manatanteraka izao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy erantany, aza mandao anay arovy izahay tsy ho ravan’ny fandriky ny fankam-panahy fa ampio izahay ho Génération Mpanorina, mpamafy fiadanana, mpamafy fanantenana. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson